



Masom-boly sy zezika no natolotra ireo tantsaha voafantina hisitraka izany teto amin'ny biraon'ny Distrika. Nanolotra izany ny Governoran'ny Faritra DIANA Daodo Arona Marisiky sy ny Talem-paritry ny Fambolena sy Fiompiana. Izany no natao ho fanatanterahana ny velirano faha 9, dia ny fizakan-tena ara-tsakafo. Nozaraina teto ihany koa ny Carte Planteurs ho an'ireo mpamboly vanille.

*Des engrais et fertilisants ont été donnés aux agriculteurs sélectionnés pour en bénéficier au bureau du District. Le Gouverneur de la Région DIANA Daodo Arona Marisiky et le Directeur Régional de l'Agriculture et de l'Élevage l'ont donné. Cela a été fait pour accomplir la 9ème promesse, qui est l'autosuffisance alimentaire. La carte planteurs a également été distribuée pour les producteurs de vanille.*

## FARITRA AROVANA AMPASINDAVA ANTANIBE ANDREFA



Nanao fitsirihana tampoka tao amin'ny faritra arovana Ampasindava tao Betsitsika sy Ambodimanga sud C.R. Agnorotsanga nanomboka asabotsy 17 ka hatramin'ny alarobia 21 desambra 2022 lasa teo ny ekipan'ny Association Famelona sy ny mpitandro filaminana. Olona miisa 07 no tratra nandripaka ala sy tratra nanao charbon tao an-toerana. Efa eo am-pelatanan'ny tompon'andraiki-panjakana mahefa ny raharaha. Ezaka lehibe tokony iaraha-manao ny fampiharana sazy hentitra hoan'ireo fanetriben'ny firenena. Indrindra amin'ny famotehana ala amin'ireo faritra arovana maro eto Madagasikara.

*L'équipe de l'Association Famelona et les autorités ont effectué une inspection surprise dans l'aire protégée d'Ampasindava, à Betsitsika et Ambodimanga Sud commune rurale Agnorotsanga. 07 personnes ont été interpellés et prises en train de fabriquer du charbon de bois dans la zone. L'affaire est entre les mains des autorités gouvernementales compétentes. C'est un grand effort qui doit être fait ensemble pour mettre en place des sanctions strictes pour les institutions nationales. Notamment dans la destruction des forêts dans de nombreuses aires protégées à Madagascar.*

## AMBAKOAGNA C.R. MAROVATO DISTRICT AMBANJA



Vita soa aman-tsara ny EPP Ambakoagna izay manana efitra roa. Ny solombavambahoaka DARKHAOUI Siritis no nanao izany tamin'ny alalan' ny teti-bola CIAD 2022. Fangatahana sy fagniriagny vahoaka tao an-toeragna izany.

*La EPP Ambakoagna, qui dispose de deux salles, a été achevée avec succès. Le député DARKHAOUI Siritis l'a fait à travers le budget CIAD 2022.*

## SOSIALY



50 lampadaires solaire, 20 lampes cobra anjaran'ny Distrikan'i Ambanja.

Andiany faharoa amin'ny fanomezana avy tamin'ny Ministry ny Angovo, izay nangatahin' i solombavambahoaka Siritis DARKHAOUI.

Efa voarain'ny Commune Urbaine Ambanja ny lampes Cobra 20 izay anjarany fa ireo lampadaires Solaire 50 koasa ho zaraina any amin'ny Commune Rurale Ankatafa sy Ambalahonko.

*50 Lampes Solaires, 20 Lampes Cobra pour le District d'Ambanja. C'est la 2ème série de dons du Ministre de l'Energie, qui a été sollicitée par le Député Siritis DARKHAOUI. La Commune Urbaine d'Ambanja a déjà reçu les 20 lampes cobra qui sont sa part, mais les 50 lampes solaires seront distribuées aux Communes Rurales d'Ankatafa et d'Ambalahonko.*

## CFPF AMBANJA



Misokatra eto amin'ny CFPF ny foramation pâtisserie et cuisine. Tsy magnavaka karazan'olo, tsy mifidy sokajin-taona fa izay liana dia raisina. Maimam-poana ny fiofanana ary mahazo attestation izay rehetra mahatody ny fiofanana hatramin'ny farany. Izany moa dia maharitra iray volana.

*La formation en pâtisserie et cuisine est ouverte ici au CFPF. Toute personne souhaitant avoir une formation peut suivre, il n'y a pas de tranche d'âge. La formation est gratuite, et toute personne qui termine la formation recevra un certificat. Cela dure un mois.*

## MAROLEGNO FOKONTANY AMBAZOAGNA



Natolotra androany alarobia 07 desambra 2022, ny tole hanamboarana ny dispensaire ao Marolegno. Io dia fangatahana nataon' ny vahoaka tao Marolegno nandritra ny fitsidiham-paritra nataon'ny solombavambahoaka DARKHAOUI Siriris tamin'ny volana febroary 2022 lasa teo.

*Aujourd'hui, mercredi 7 décembre 2022, le rôle pour la construction du dispensaire de Marolegno a été donné. C'est une demande effectuée par les habitants de Marolegno lors de la visite du député DARKHAOUI Siriris en février 2022 dernier.*

## CSB2 ANKATAFA DISTRICT AMBANJA



Natolotra tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny Alatsinainy 12 Desambra 2022 ny farafara roa hoan'ny CSB 2 ao Ankatafa. Fitaovana avy tamin'ny solombavambahoaka DARKHAOUI Siritis izay efa nampanantenainy hoan'ny vahoaka ao Ankatafa. Ny assistant DINES sy ny Ben'ny tanana BEZANDRY Clotaire no nanolotra izany ho an'ny vahoaka.

*Deux lits pour le CSB 2 à Ankatafa ont été officiellement remis le lundi 12 décembre 2022. Matériel venant du député DARKHAOUI Siritis qu'il a promis pour la population d'Ankatafa. L'adjoint DINES et BEZANDRY Clotaire l'ont donné à la communauté.*

## RENTREE SOLENNELLE DREN DIANA 2022-2023



Nandray anjara feno tamin'ny fankalazana ny rentrée solennelle 2022-2023 hoan'ny DREN Diana ny ekipan'ny CISCO Ambanja. Izay notarihan'ny Chef CISCO ANDRIANTARAFINA Andriambaviroa Farida Inès, ireo Chef de division sy Chef ZAP ary ireo mpampianatra maro. Notanterahina tao Nosy-be androany zoma 09 Desambra 2022 izany.

*L'équipe de CISCO Ambanja a pleinement participé à la célébration de la rentrée solennelle 2022-2023 de DREN Diana. Lequel était dirigé par le Chef CISCO ANDRIANTARAFINA Andriambaviroa Farida Inès, les chefs de division et les chefs ZAP et de nombreux enseignants. Elle s'est tenue à Nosy-be aujourd'hui, vendredi 09 décembre 2022.*

## FANDAHARAN'ASA USAID/ACCESS DISTRICT AMBANJA



Nizara bisikileta miisa 48 hoan'ireo AC na Agent Communautaire relais ato amin'ny distrikan'i Ambanja, ny fandaharan'asa USAID/ACCESS tamin'ny alarobia 30 novambra 2022 lasa teo teny amin'ny Restaurant La piscine. AC miisa 02 isaky ny commune no nahazo ity bisikileta ity, ho entina hanamafisana ny asa eny anivon'ny commune izao fitaovana izao.

*Le programme USAID/ACCESS a distribué 48 vélos aux AC ou Agents Communautaires relais du quartier Ambanja le mercredi 30 novembre 2022, au Restaurant La Piscine. 02 AC dans chaque commune a reçu ce vélo, cet équipement sera amené pour renforcer le travail dans la commune.*

## TANORA TANAMBAO MISSION/DEPUTE SIRITIS DISTRICT AMBANJA



Parrution réalisé avec le soutien de:

Natolotra ecran plat iray ho an'ireo tanoran'i Tanambao mission tapany atsimo ny solombavambahoaka DARKHAOU Siritis. Hijerena sy hanarahana ny fiadiana ny tompon-daka maneran-tany amin'ny baolina kitra 2022 izany. Ny Assistant DINES no nanolotra izany omaly sabotsy 17 decembre 2022 tany Tanambao mission. Fangatahagna nataon'ireo tanora tarihin'Andriamatoa AMIDOU tamin'ny solombavambahoaka DARKHAOU Siritis.

*Le député DARKHAOU Siritis a donné un écran plat aux jeunes de la mission Tanambao dans le sud. Il regardera et suivra la Coupe du monde 2022. L'assistant DINES l'a donné hier, samedi 17 décembre 2022 à la mission de Tanambao. Une demande formulée par les jeunes dirigées par Monsieur AMIDOU au député DARKHAOU Siritis.*



Association  
FAMELONA

